# 1 NY LAHATSORATRA MANDRESY LAHATRA

## TANJONA

Manavaka ny sokajin-dahatsoratra mandresy lahatra.

## VONTOATIM-PAHALALANA

Ny lahatsoratra mandresy lahatra dia lahatsoratra mikendry ny hampanaiky sy hampanaraka na himpitsipaka hevitra iray. Mambabo sy misarika ny saina mba hanaiky na handa ny hevitra aroso izy. Ity lahatsoratra ity dia ahitana tolo-kevitra izay arahina tohan-kevitra na tsipa-kevitra ary miafara amin'ny tsoa-kevitra.

Manana drafitra mazava ny lahatsoratra mandresy lahatra :

- fampidirana : izay androsoany voalohany ny hevitra tohanany sy tiany hekena (tolo-kevitra) ;

- famelabelarana : izay iezahana hamelabelarana ny heviny ka anazavana, anamarinana izany, arahina ohatra mazava sy mitombina hampieritreritra sy hampandinika ary isarihana ny sain'ny mpamaky hiombon-kevitra aminy (tohan-kevitra na tsipa-kevitra) ;

- famaranana izay anamafisana fa mari-pototra ny hevitra narosony (tsoa-kevitra).

Ny singa manamarika entina manavaka ny lahatsoratra mandresy lahatra anefa dia ny fampiasana ireo teny savily hoenti-mandresy lahatra.

Ny atao hoe teny savily moa dia teny na andian-teny: manampy ny hevitra ankoatry ny hevitra efa misy, manamafy sy manatevina mba hoentina manazava na hoentina handresen-dahatra ny mpihaino na ny mpamaky; hanohizana teny sy fehezan-kevitra.Ireto avy ny karazany:

- ny teny savily entina hanehoana ny fomba fijery an'ny tena manokana dia ampiasaina toy ny: heveriko fa…, raha ny fihevitro manokana …, raha izaho …;

- ny teny savily entina androsoana tohan-kevitra (izany hoe manazava, manadihady, manamarina, manaporofo) mba hampidirana ny hevitry ny tena dia ampiasaina:
    - → mpampifandray milaza antony: satria, noho ny, fa, ny antony dia, azo anazavana izany ny, ny mahatonga izany, avy amin'ny, …;
    - → mpampifandray milaza vokany: noho izany, izany no antony, ka nahatonga, ny fiantraikany dia…, hany ka;
    - → milaza fifanoherana na ampiasaina amin'ny tsipa-kevitra toy ny: saingy, nefa, kanefa, na mifanohitra amin'izany, ho setriny kosa, na izany aza, marina fa … nefa, fa…;

→ milaza fanekena ka raha ekena tanteraka ny voalaza: ekena fa marina izany… raha tsy ekena tanteraka ny hevitra iray dia toy izao: ekena … fa, ny tena marina fa, na dia izany aza, fa… kosa;

→ rehefa hanao fanamafisana na fanampian-kevitra: sy, ary, fanampin'izany, inty indray koa, tsy izany ihany, fa izao koa, izao aloha… manaraka izany, ary farany, etsy andaniny, etsy ankilany na etsy anilany;

→ rehefa hanao fandravonana na famintinana (mba hanehoana fa mamarana ny fandresen-dahatra): raha fintinina, raha aravona izany, …

Ny karazan-dahatsoratra mandresy lahatra fahita matetika dia amin'ny lahateny an-gazety, ny dokam-barotra, ny fampielezan-kevitra, ny toriteny, ny trakita, ny kabary am-panambadiana… .

Ny lahatsoratra mandresy lahatra dia izay rehetra lahatsoratra natao itarihana olona hanaraka sy hiombon-kevitra amin'ny tena na hanaraka ny hevitry ny olona hafa tiana tohanana.

## Sahanasa 1

**Ny olombelona sy Legidro**

- Fa maninona aty aminay i Legidro?
- Avy hihinana akondro aho fa noana loatra!
- Fa maninona loatra ianareo no aty no maka akondro?
- Satria may ny ala itoeranay!
- Fa iza no nandoro ny ala?
- Iza moa fa tsy ianareo olombelona ihany?
- Marina izany! tsy mitsinjo ny ala sy ny zava-mananaina tokoa izahay olombelona.
- Ndao isika rehetra hiara-hamongotra ny doro tanety !

a) Lazao ny isan'ny mpandray anjara sy ny anarany ao amin'ny lahatsoratra.

b) Inona no foto-dresaka ao amin'ny lahatsoratra?

d) Ity lahatsoratra ity ve manoritsoritra sa mitantara sa manazava sa mandresy lahatra ?

Hamarino ny valin-teninao.

## Sahanasa 2

a) Lazao ny hevitra tian'i Legidro hotohanana na ny tolo-keviny.

b) Nisy fomba nentiny mba handresy lahatra tokoa ny hevitra natolony, lazainy ny:

- zava-misy:
- antony:
- vokany :
- vahaolana:

d) Lazao ireo teny kely hoentina handresen-dahatra ny hafa.

- Valin-tenin'i Legidro voalohany, nampiasa teny savily milaza anton-javatra izy, inona izany teny savily nampiasainy izany?

- Valin-tenin'i Legidro faharoa, inona no teny savily nampiasainy tao ary mbola milaza anton-javatra sy fanamafisan-kevitra?

- Valin-teniny fahatelo, mampiasa teny savily fanamafisan-kevitra izy, inona izany?

- Ho fandravonana ny fandresen-dahatra nataony dia inona no teny savily nampiasainy izay amin'ny filaza mandidy mirary na miangavy?

- Ankoatr'izay dia mbola ahitana fampiasana mpisolo manontany ihany koa ato amin'ny lahatsoratra. Inona avy?

• Eo ihany koa ny fampiasana mpisolotena olona voalohany maro, inona izany?

• Tanisao ireo teny kely izay ilaina amin'ny fahaizana mandresy lahatra ao amin'ny lahatsoratra:

e) Fenoy amin'ireto teny savily ireto ny fafana :
fa ny tena, vokatr'izany, saingy, satria, kanefa, koa araka izany, anton'izany, nefa, marina fa, raha izany… dia …, dikan'izany, kosa, tsy azo lavina fa …

| **Teny savily** | **Hevitra entiny** |
|---|---|
| | Tolo-kevitra |
| | Tohan-kevitra |
| | Tsipa-kevitra |
| | Tsoa-kevitra |

## Sahanasa 3

- Fenoy mpampiankina na mpampitohy fehezan-kevitra ny banga ao amin'ny fehezanteny

  - Mitady sakafo aho ……. noana. Mikaroka sakafo ………… te ho velona.
  - Mba zarao re ny akondronao e!
  - Tsy hanome aho ……….. tsy ampy ahy ity;
  - Isika anie mpinamana……. tsy hifampizara.

- Fenoy teny savily ny banga.

Hitantsika amin'izao fotoana izao ……… miha miaina ao anaty loto ny mponina ……… ny fananana toe-tsaina tsy te hisahirana. Loto no resahina dia ny fahantrana no averimberina; tsy misy ny vola hividianana savony, tsy misy ny rano, tsy misy ny kifafa! ……… tonga ny aretina ……… ny loto, tsy maintsy mitady vola hitsaboana ny marary, ……… avela ho faty ve ilay olona? ……… aleo misoroka toy izay mitsabo.

## Sahanasa 4

Famoronana lahatsoratra mandresy lahatra mivoy ny lohahevitra " Ny ady amin'ny valan'aretina COVID-19", ahitana fehezanteny folo raha vitsy indrindra.